## AMBATONDRAZAKA

# MPIANADAHY NALAIN'NY JIOLAHY AN-KERINY, OLONA ROA NARATRA VOATIFITRA

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7622 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Alakamisy 20 jolay 2023


## MARINA IZANY !

EFA NAMPOIZINA !

7

## MAGE 4-"PALAIS DES SPORTS"



HAMERINA ILAY SEHO GOAVANA TAMIN'NY TAON-DASA


2

## BAKALOREA - NISAVORITAKA NY ANDRO FAHATELO

8

# NISY LAZA ADINA NIVOAKA MIALOHA, AVERINA AMIN'NY ZOMA NY TANTARA SY JEOGRAFIA



## FETISON RAKOTO ANDRIANIRINA

MIANTSO NY MPITONDRA SY NY MPANAO POLITIKA HISOROKA NY KORONTANA

7

## RUGBY

## LALAON'NY NOSY 2023

HATAO ETSY MAHAMASINA NY LALAO FAMARANANA

3

## ANKATSO

NIZARA ROA NY MPAMPIANATRA, NISY IREO NIASA

8







Mage 4 - "Palais des Sports"

# Hamerina ilay seho goavana tamin'ny taon-dasa

*Amin'ny volana Septambra no fotoana ary efa azo jifaina dieny izao ny tapakila.*



**Mila miaraka indray isika hanamafy ny fiarahana hatrizay hoy ny tarika.**

Mitohy ny fankalazana ny faha-30 taona nisian'ny Mage 4. Manomana seho goavana indray miaraka amin'ny Ivenco ry zareo amin'izao fotoana izao. *"Mila miaraka indray isika hanamafy ny fiarahana hatrizay ary hamerina hiaraka amin'ny mpankafy ilay seho goavana nentina nanamarihana ny faha-30 taona tao amin'ny Palais des Sport Mahamasina ny volana novambra 2022 "* hoy ny solontenan'ny tarika. Araka ny fandaharam-potoana ary dia ny 10 septambra izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ao amin'ny palais des sports Mahamasina no hifamotoana indray amin'ny mpankafy ry zalahy. Hiavaka izy io satria izay hira angatahan'ny mpankafy mialoha ny fampisehoana no entina miantsehatra ka mila mandefa izay mialoha ao amin'ny alalan'ny hafatra miafina sy pejy fesibokin'ny tarika mba handaminana azy ny rehetra. Eo am-piandrasana izany dia efa mivoaka ary azo vidiana sy fandrihana dien' izao amin'ny alalan'ny interneto www.ticketplace.io/event/ ny tapakila. Misy karazany 4 izy ireo dia ny "1 Fanzone", "Réservation", "Bronze" , "Silver", "Gold" , " VIP" ary ny "VVIP". Samy manana ny vidiny izy ireo ka anjaran'ny rehetra no mifidy izay toerana tiany. Ankoatra izay dia ahitana tapakila ihany koa eny "Mass'In La city Ivandry, Akoor Digue, Smart Tanjombato sy Isoraka ary Mass'In Music.

**Seho any Arivonimamo**


Fa mialoha izany aloha dia misy hatrany ny seho antsehatra sy anaty efitrano ataon'ny tarika. Ny akaiky indrindra dia ilay seho tsy manam-paharoa hatao any Arivonimamao ao amin'ny kianja Monisipaly ny alahady izao hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Hanome hatsarana ny seho ihany koa ny jiro maroloko sy ravaky ny satria mpikarakara efa matihanina sy manana traikefa amin'izany no hiantoka azy. Hiavaka ity hetsika ity satria ankoatra ny fampisehoana ataon'ny Mage 4 dia misy ny hetsika azo hamalifaliana ny kilonga madinika toy ny "toboggan, château gonflable, trampoline, face painting" sy ny maro hafa. Nilaza ny mpikarakara fa azo antoka ny toerana fiantsonan'ny fiara sy kodiaran-droa ho an'ireo izay mitondra izany satria ampidirina ao anatin'ny kianja avokoa.

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA
"Ny fitiavana dradraina sy ventesina ombieny dia niantomboka avokoa teo am-pofoan'ny reny. Ianao ilay malahelo sy very hevitra iny, mihenjihenjy eny fa nilaozan'olon-tiana… dia aiza no hiantoraka? Eo am-pofoan'i Neny."
Ny Vetso (17. 09. 15)
("Motherhood: All love begins and ends there." Robert BROWING)

Fialan-tsasatra

# Toerana azo tsidihana tsara ny lava-bato ao Anjohibe Mahajanga



**Dobo voajanahary, azo ilomanosana tsara.**

Anisan'ny toerana iray tena be mpandeha indrindra amin' izao fialan-tsasatra izao ny any Mahajanga. Matetika dia ny hoe handeha hilalao ranomasina no tena mahasarika ny maro rehefa miala sasatra any amin'ny sisiny. Misy anefa ireo toerana azo tsidihana tsara sady mahafinaritra raha ohatra ka hoe any Mahajanga no resahana. Anisan'izany ny lava-bato ao Anjohibe. Adiny 3 miala ao afovoan-tanànan'i Mahajanga no misy ny lava-baton' Anjohibe. Misy koa lalana iray izay aty amin'ny 25km alohan' ny hidirana ny Mahajanga no mitsofoka ankavia. Somary ratsiratsy ny lalana ka ilana fiara tsy mataho-dalana ny makany. Efa misy ireo mpitari-dia sy mpanofa fiara amin'izany anefa azo antoka alaina ao Mahajanga ihany. Anisan'ny mahasarika any ny dobo filomanosana voanjanahary ny farihin'Andranojoby . Eo ihany koa ny farihy simenitra (lac de ciment) malaza any amin'ny faritra. Azo atao ihany koa ny mitsidika ny dobo filomanosana voajanahary any izay miitatra amin'ny « Chute » de Mahafanina. Ny ala kely mifanila dia misy varika izay mora jerena. Ankafizo ihany koa ny ala honko midadasika sy ny alan'ny biby maro. Rehefa mandeha any moa dia tsara raha mijanona indray alina fa tsy vita indray andro ny fitsidihana ny toerana rehetra, efa misy ny trano lay nomanina manokana amin'izany any an-toerana ary dia tsara fandraisana ireo mponina. Voamarika moa fa ireo mpizahatany vahiny no tena liana mandeha mitsidika ity toerana ity nefa raha ny saram-pidirana ao dia azo lazaina ho natao hoan'ny rehetra ihany. Amporisihana hatrany ny Malagasy araka izany mba hitsidika ireny fa anisany mampiavaka an'ny Madagasikarana ny fananana izany.

**Tanya.R**

MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

TABLEAU SYNOPTIQUE DES PRIX DU RIZ A LA 2ème SEMAINE DU MOIS DE JUILLET 2023

| Région | Prix moyen du paddy (Ar/kg) | Prix moyen du riz blanc local (Ar/kg) | | |
|---|---|---|---|---|
| | Producteurs | Producteurs | Grossistes | Détaillants |
| Alaotra Mangoro | 1 539 | ND | 2 284 | 2 431 |
| Amoron i Mania | 1 500 | NA | 2 509 | 2 509 |
| Analamanga | NA | ND | 2 483 | 2 619 |
| Analanjirofo | 1 651 | 2 568 | 2 567 | 2 938 |
| Androy | ND | ND | 2 400 | 2 567 |
| Anosy | ND | 2 088 | ND | 2 246 |
| Atsimo Andrefana | ND | 2 107 | 2 268 | 2 399 |
| Atsimo Atsinanana | ND | 2 592 | ND | 2 726 |
| Atsinanana | 1 511 | 2 717 | 2 635 | 2 571 |
| Betsiboka | 1 047 | 1 826 | 2 184 | 2 205 |
| Boeny | 1 108 | 1 767 | 1 899 | 2 005 |
| Bongolava | 1 420 | ND | 2 132 | 2 288 |
| Diana | 1 183 | 2 058 | 2 128 | 2 428 |
| Fitovinany | NA | ND | 2 420 | 2 462 |
| Ihorombe | 1 178 | NA | 1 854 | 1 971 |
| Itasy | 1 522 | 2 125 | 2 297 | 2 403 |
| Matsiatra Ambony | ND | 2 100 | 2 289 | 2 316 |
| Melaky | 1 093 | 1 507 | NA | 1 750 |
| Menabe | 975 | 1 837 | 1 870 | 1 976 |
| Sava | 1 532 | 2 268 | 2 160 | 2 394 |
| Sofia | 1 014 | 1 775 | 1 931 | 1 973 |
| Vakinankaratra | 1 533 | 2 371 | 2 436 | 2 497 |
| Vatovavy | 1 360 | 2 160 | 2 575 | 2 625 |
| **Nationale** | **1 314** | **2 062** | **2 230** | **2 342** |

Source : Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage/Observatoire du Riz (ODR), 18 juillet 2023


Le mois de Juillet coïncide avec la fin de la période de récolte du riz de première saison et la préparation de la culture de deuxième saison à Madagascar. En outre, un empressement au stockage de riz est de plus en plus constaté dans quelques régions de la Grande Île à l'approche de la prochaine période de soudure. En effet, une tendance légèrement à la hausse du prix moyen du riz blanc local est observée par rapport au mois de Juin.

**ND:** Valeur Non Disponible au moment des enquêtes;

**NA:** Valeur Non Applicable aux zones considérées



EVOLUTION DES PRIX DU RIZ
DE JANVIER A MI-JUILLET 2023 (Prix en Ariary/kg)




Source : Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage/Observatoire du Riz (ODR), 18 juillet 2023

G CL 577/1-1

Rugby - Lalaon'ny Nosy 2023

# Hatao etsy Mahamasina ny lalao famaranana !

*Nametraka baraingo koa ny teo amin'ny taranja Lomano, saingy raha ny hita tao anatin'ity lisitra ity, etsy amin'ny dobo filomanosan'ny complexe Vontovorona na ANS Ampefiloha no hanatanterahana azy.*



Mbola andrasana kosa na eto amin'ny kianja Barea na ny kianja annexe Mahamasina no handray izany.

Raha ny hita tao anatin'ny serasera tambajotra, eto Antananarivo avokoa no hanatanterahana ireo lalao rehetra mandritra ny Lalaon'ny Nosy 2023. Ny 25 aogositra hatramin'ny 2 septambra moa no hanaovana ity andiany faha-11 ity. Anisan'ny nanaitra ny nahita ny taranja Rugby à7, izay eny amin'ny kianja Mahamasina no handray ny lalao famaranana, raha ny kianja Makis Andohatapenaka no hanatontosana ny fifanitsanana. Nametraka baraingo koa ny teo amin'ny taranja Lomano, saingy raha ny hita tao anatin' ity lisitra ity, etsy amin'ny dobo filomanosan'ny complexe Vontovorona na ANS Ampefiloha no hanatanterahana azy, izay hiaraka amin' ny Handisport. Ny 26 aogositra hatramin'ny 30 aogositra no hizoran'ny fifaninanana ho azy ireo. Ho an'ny Taekwondo (26-29 aogositra) sy Karate (30 aogositra – 2 septambra) indray dia samy hatao eny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina avokoa. Ny Basketball (26 aogositra – 2 septambra) sy Handball (26 aogositra – 2 septambra) sy ny Volley-ball (26 aogositra – 2 septambra) dia samy ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena avokoa no hanaovana ny famaranana, raha eny Vontovorona sy Akamasoa kosa no hanaovana ny fifanitsanana ho an'ireto taranja roa farany. Ho an'ny Judo (30 aogositra - 2 septambra) dia ny kianja mitafon' Ankorondrano no hanatanterahana azy. Samy eny amin' ny CCI Ivato kosa ny ady totohondry (26-29 aogositra) sy ny Kickboxing (30 aogositra – 2 septambra). Etsy amin'ny zone expo Forello ihany koa no handray ny Badminton (26 aogositra-1 septambra) sy ny Tennis de table (26 aogositra – 1 septambra). Ho an'ny baolina kitra (24 aogositra – 2 septambra) dia etsy amin'ny kianja Barea, Vontovorona ary Elgeco by-pass. Ny Bisikileta (28 aogositra – 1 septambra) dia eny amin'ny Rocade Iarivo sy Lalam-pirenena. Ao amin'ny efitranokelin' ny Lapan'ny Fanatanjahantena ny Fibatana fonjamby (26-29 aogositra). Ny Tsipy kanetibe(26 aogositra – 1 septambra) dia eny Ivato. Ets amin'ny ACSA Ambohidahy ny Tennis (26-31 aogositra) ary ao amin'ny Arena Ivandry ny volet jeunesse (26 aogositra – 2 septambra).

**Rabenaivo**

Kitra - Tonton Radel

# 70 taona fa mbola miaramilalao amin'ny tanora



Tsotra ary tena nahay baolina i Tonton Del.

70 taona tamin'ny asabotsy lasa teo Rakotondraibe Jean de Dieu fantatra amin'ny hoe Tonton Radel, teo amin'ny taranja baolina kitra. Tsy navelan'ny fianakaviany nandalo fotsiny izany, izay nomarihana tamin'ny alalan' ny fitaom-pivavahana sy fiaraha-mikorana, tamin'ireo namana sy zandry nifanerasera sy niara-nilalao taminy, tetsy amin'ny trano fonenany, Ambodivoanjo Ankaraobato. Tsiahivina, tao amin'ny klioban'ny Espérance tetsy Mahamasina Atsinanana no nanombohany nilalao tamin'ny klioba, izay notarihan' itompokolahy Lazare, anisan'ny nitaiza tanora maro ka Radel no zandriny indrindra tamin'izany. Nifindra tao amin'ny klioban'ny 3FB Befelatanana taorian' izany. Nisy indray ny klioban'ny FIMA, izay nizara roa ka tao ireo mpiasa tao amin'ny garage ary teo ireo tena mpilalao baolina. Tamin'izany no nahitan'i Louis Robson azy ka nantsoina hanao "renfort" tao amin'ny Dynamo de FIMA, hiatrika lalao tany La Reunion. Io ihany koa no nivoahana an'i Madagasikara voalohany. Taorian'izany, nifindra tao amin'ny klioban'ny Kintan'i Macoba Anosizato i Tonton Del ary nilalao tao amin'ny CNaPS sport, niaraka tamin-dry Do be sy ny maro hafa. Rehefa nifindra teny Atsimondrano dia nilalao tao amin'ny Fortior-n'ny Tanjombato, notarihan'Itompokolahy Papa Dezy. Niova ho ASV(Association Sportive Voromahery) sy TISTA(TIgre Sportif de Tanjombato). Anisan'ny nitaiza sy nanampy ireo boaikely tao izy, izay niala vola ampaosy mihitsy ho fanohanana azy ireny. Tao amin'ny klioban'ny CNaPS sport vétéran kosa no nilalaovany farany saingy tsy mbola manaiky fa mifampitady amin'ireny zandrikely ireny izy rehefa eny amin'ny kianjan'ny Londika Ambodivoanjo. Anisan'ny hafatra hampitainy amin'ireo zandry ny hoe "être modèle" (Fair play).

**Rabenaivo**

# Akon'ny AJESAIA

Mandalo eto an-tanindrazana amin'izao fotoana izao ny sasany amin'ny mpilalaon'ny AJESAIA, miala sasatra, kanefa mbola tazana eny ambony kianja hatrany, milalao baolina kitra. Anisan'ny nandray anjara tamin'ny lalao ampahavalon-dàlana amin'ny fiadiana ny Amboaran'i Madagasikara i Manda Hasina Ratsimbazafy na i « Bôta", izay mbola mampiteny ny anarany amin' ny fiandrasana tsatoby, nanoloana ny DATO FC avy any Farafangana, teny amin' ny kianja Ambohidratrimo. Voarain'i Bôta soa amantsara ny baolina nodakan' i Lanto « Rasta » tamin'ny « penalty » teo amin'ny faha-31 mn nilalaovana, fa raha tsy izany nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny ekipa roa tonta. Ankoatra azy dia miaraka milalao ao anatin'ny ekipan'ny Bolida FC Ankazomanga i Lalaina Nomenjanahary sy Arnaud « Yaya », izay mampitolagaga sy miteraka resabe amin'ny mpijery baolina ny fahaiza-manaony ao amin' ny lohalaharana amin'ny famonoam-baolina. Mipetraka amin'ny « Poste 10 » i Bolida, mamatsy baolina an-dry Arnaud sy ry Bôta Kely ary Lalaina kely, izay samy efa nilalao tao amin'ny AJESAIA avokoa.

**Bôta, nilalao tamin'ny Franconville FC**

Tsy re tsaika izy niala teto antanindrazana, nandeha nila ravinahitra tany amin'ny ekipan'ny Franconville FC – France (niveau régional). Efa vita ny fifanarahana nataony tamin'ity ekipa ity ka izany no antony niverenany aty Madagasikara. Fantatra kosa anefa fa efa misy ekipa mitily haka an'i Bôta any France hatrany, izay mbola ho fantatsika eny ihany ny momba an'izany fileovana izany raha sitrapon' Andriamanitra hoy izy. Koa satria tsy azony atao ny mipetrapetra-potsiny fa tsy maintsy mitazona ny tanjaka ara-batana sy ny traikefa amin'ny fiandrasana tsatoby ny lehilahy, dia izao izy manatevin-daharana ny akany nanabe azy izao. Mitondra hery vao sy herijika ho an'ny ekipany iray manontolo mihitsy ny fahatongavany, izay noporofoiny tamin'ny alahady teo. Ampatsiahivina fa efa mpikambana tao anatin' ny Barea de Madagascar latsaky ny 20 taona i Bôta, niaro ny voninahi-pirenena tamin'ny COSAFA tatsy Afrika Atsimo.

**Bolida 12 FC Mandravarava !**

Herinandro vitsy monja no nahatongavany eto andrenivohitra, dia efa lalao telo sahady no vitan'ny ekipan'ny Bolida 12 FC avy eny Ankazomanga, izay tarihin'i Lalaina Nomenjanahary ka nahazoany fandresena avokoa. Teny amin'ny kianjan'i Pere Pedro Akamasoa, dia anisan'ny ekipa nifanandrina taminy indroa miantaona ny I.S.I, izay tsy afabela teo anatrehan'ny mpilalaon'Ankazomanga (Dida – Rado Kely – Voara – Marcel – Mahery – Ginoh – Sidina – Rina – Miora - Golikely, nolaroina an'ireo mpilalaon'ny AJESAIA niaraka nilalao tamin'i Bolida fahiny. Ekipam-pirenena latsaka fahefany, hoy ny bevazivazy nanatrika ny lalao. Tamin'ny talata teo



Mihamatotra hatrany ny lehilahy !

indray dia ny ekipan'Avarakady Anosizato no nitsapa fahaizana tamin'ny Bolida 12 FC, izay mbola nampiseho ny heriny sy ny fahaizamanaony amin'ny baolina kitra. Amin'ny fihaonana tahaka izao, hoy i Bolida, dia tsy ny fandresena na ny faharesena no zava-dehibe fa ny fifanakalozana traikefa sy fahaiza-manao no tena ilaina.

**aris rafaly**



Ifandrotehana ny fanasana azy !


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 591/20-18)

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-9)

### COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 607/3-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, canalisation. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 604/6-3)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, raclage, bacs à graisse. Tél : 038.42.629.39. (G-BA 577/14-10)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 594/16-14)

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-2)

Ambatondrazaka

# Mpianadahy nalain'ny jiolahy an-keriny, olona roa naratra voatifitra

*Ilay raim-pianakaviana sy ny zanany iray ireo voatifitra ireo. Nitrangana fakàna an-keriny indray tany Ambatondrazaka.*

Mpianadahy no nisy naka an-keriny ny Talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9ora alina tao Soanafindra, fokontany Mahatsara, kaominina Soalazaina, distrikan' Ambatondrazaka. Araka ny fanazavàna azo, jiolahy miisa dimy ambin'ny folo nirongo fiadiana no niditra an-keriny tao amin'ny tokantrano nisy azy ireo. Nanapoaka basy avy hatrany ireo jiolahy raha vao tafiditra tao an-trano. Nandritra izany no naha-voatifitra ireo olona roa ireo dia ilay raim-pianankaviana sy ny zanany lahy vao folo taona monja. Ilay rangahy voatifitra teo amin'ny sofiny ary teo amin'ny feny kosa ny an'ilay zaza. Tsy nisy naha-hetsika intsony ny iray trano nanoloana izany ka teo no nitondrany azy mianadahy an-keriny nanaraka azy ireo. Ilay zazalahy zokiny valo amby roapolo taona ary enina ambinifolo taona kosa ilay vavy zandriny.

**Tsy fantatra**

Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo jiolahy taorian' izany niaraka tamin'izy mianadahy. Ireo naratra kosa nentin'ny olona namonjy toeram-pitsaboana. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Tsy fantatra hatreto ny nitondran' ireo jiolahy azy mianadahy ireo satria tsy mbola naharenesam-baovao. Tsy mbola nisy ihany koa ny fitakiambola nataon'ireo jiolahy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana. Mihorohoro tanteraka ny mponina any an-toerana amin'izao satria mahazo vahana indray ity fakàna olona an-keriny ataon'ny jiolahy ity.

R.C

Vohipeno

# Talen'ny EPP no nisandoka ho mpianatra mpiadina Bakalorea

Tratran'ny tomponandraikitra nanao fisandohana ho mpiadina nanolo mpianatra mpanala fanadinana Bakaloera ny Tale iray eo anivon'ny EPP Analabe ao amin'ny kaominina sy distrika Manakara. Nampiasa hosoka ihany koa izy satria ny taratasy fiantsoana na ny « convocation » tamin'ny adina arampanatanjahantena na « EPS » an'ilay mpianatra no noentin'ity mpisandoka ity saingy nosoloiny ny sariny fotsiny. Ny kara-panondron' ilay mpianatra ihany koa no nentiny nampisaina fa nosoloiny ny sary tapany. Araka ny loharanom-baovao dia efa nahavita ny adina ara-panatanjahan-tena izy tamin'ny alalan'ny fampiasana ireo hosoka ireo, izao tratehaka izao. Efa nahavita ny adina tamin'ny taranja sasany ihany koa nanomboka ny alatsinainy teo. Voalazan'ilay Tale mpisandoka fa nokaramaina izy. « Nosandaina vola raha ny fifanarahany tamin' ilay mpianatra tena mpiadina. Nambarany fa mbola tsy nahazo an'ilay lelavola anefa izy fa miankina amin'ny fahafahana amin'ny fanadinana ny vola homena azy» : raha ny fanazavana hatrany. Tao amin'ny ivo-toerampanadinana « Lycée Privé Islamique » ao Marombу distrika Vohipeno ity tranga ity ary tao no tratran'ny tomponandraikitra mpanara-maso ny fanadinana avy any amin'ny « office du BACC » Fianarantsoa ilay mpisandoka. Misokatra ny famotorana , izay raisin'ny zandary avy ao amin'ny tobi-paritra Vohipeno.

Ariel D.

Maintirano

# 2 lahy voarohirohy ho nahafaty rangahy iray

Rangahy iray no nisy namono tany Maintirano ka rehefa nandeha ny fanadihadiana nataon'ny polisy dia roa lahy 18 taona sy 35 taona no voarohirohy ho nanatanteraka izany asa ratsy izany. Efa nosamborina izy ireo ary efa nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana. Araka ny fantatra dia ny 14 jolay lasa teo no nisy namono ny lehilahy iray 30 taona tany amin'ny fokontany Mangotroka, ao anatin' ny kaominina Maintirano. Rehefa nahalala ny zavanitranga ny polisy tany antoerana dia nanokatra ny fanadihadiana avy hatrany ary nikaroka ireo olona nahavanon-doza. Nisy ny fiarahamiasan'ireo mpitandro filaminana sy ireo mponina tany an-toerana mikasika ity raharaha ity ka nandritra izany no nahafantarana fa olona iray fokontany tamin'io lehilahy maty io ihany no voalaza fa namono azy. Taorian'izay, nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana mety ahitana ireo voarohirohy ny polisy ka voasambotra tany an-tranony ireo roa lahy afakomaly tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Tsy voafaritra mazava aloha hatreto ny antony namonoana ity lehilahy ity fa efa mandeha ny famotorana ataon'ny polisy any an-toerana hahalalana ny marina mikasika izany amin'izao fotoana izao. T.H

Ankatso

# Lehilahy nahatrarana vola sandoka

Vola sandoka no nentin'ity lehilahy ity nividy zavatra tamin'ny mpivarotra iray teny Ankatso afakomaly alina. Nanararaotra ny andro maizina sy ny fahamaroan'ny olona tao amin'ilay toerampivarotana izy ka natolony ihany koa ilay vola tany aminy nividianany entana. Efa mailo anefa ilay mpivarotra satria efa malaza ho misy mpanaparitaka vola sandoka eny antoerana. Rehefa nohamarinina ilay vola natolony amin'ny ravim-bola Roa alina Ariary dia hita fa sandoka tokoa. Niantsoana polisy avy hatrany ka vetivety dia tonga teny an-toerana ireo nisambotra azy. Raha ny fanazavàna hatrany mantsy dia efa mateti-pitranga ny toy izao ary tsy fantatra mihitsy raha tsy efa any amin'ny fanisàna vola vao tonga saina ny mpivarotra fa sandoka ny vola voarainy.

R.C

Bekily

# Voaroba ny mpandeha tao anaty fiara, nanapoaka basy ireo olon-dratsy

Nosakanan'ny dahalo enin-dahy ny fiara be iray nitondra olona avy namonjy tsena tany Beloha an-dalana hiverina Bekitro. Teo amin'ny toerana atao hoe Antanimiary, fokontany Marovaho, kaomina Bekitro, distrikan'i Bekily no niseho ity tranga ity ny talata teo tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany alina. Nosakanan'ireo olon-dratsy tamin'ny hazo sy vato ny lalana. Nobahanan'izy ireo ary rehefa nijanona ny fiara dia norobainy avokoa ny mpandeha tao. Raha ny fitantaran'ny lasibatra dia nanapoaka basy sy nitora-bato ireo mpanakan-dalana ka finday sy ny vola no tena lasany. Tsy nisy kosa ny aina nafoy fa olona iray no naratra voatorabato tamin'ny lohany saingy efa nahazo fitsaboana rehefa nentina tao amin'ny CSB2 Bekitro, iny alina iny ihany.

**Fanenjehana**

Tonga nanao ny fizahana teny an-toerana ny lehiben'ny zana-tobim-paritra zandary ao Bekitro . Mitohy ny fikarohana an'ireo nahavanon-doza ireo amin'izao. "Hatry ny alina no efa natao ny fanairana ny manodidina rehetra ary mboal miroso ny fanarahan-dia hatramin'izao.

Miara-miasa amin'ny fokonolona ny mpitandro ny filaminana any an-toerana ka tsy maintsy atao izay hahatrarana ireo olon-dratsy ireo, mba hisorohana ny mety ho tranga tsy fandriam-pahalemana tahaka izao, araka ny fanazavana hatrany.

Ariel D.

## TATSY SY TAROA

**# Lehilahy iray 41 taona no nahatratrarana rongony** omaly tokony ho tamin'ny 12 ora atoandro teny Malaza Andoharanofotsy. Polisy nanao fanamiana sivily nanao fisafoana ny tanàna no nahatratra ity lehilahy nitondra rongony ity. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy teny Tanjombato ilay voasambotra ary mitohy ny famotorana azy.

**# Tratra teny am-pangalarana "ampli" teny Andravoahangy tsena** ny tovolahy iray 21 taona afakomaly tokony ho tamin'ny 2 ora sy fahefany tolakandro. Mangingina ny tsena ka nandritra izany no nanararaotra nangalatra io fitaovana izay mitentina 35000 ariary io ilay tovolahy ka tratran'ny olona teny amin'ny manodidina. Nisy niantso ny polisy ka tonga teny an-toerana nisambotra azy. Nandritra ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana azy no nahafantarana fa mitsindrona zava-mahadomelina ity voasambotra ity.

**# Olona nandeha an-tongotra no voaendaka finday** teny Andraisoro afakomaly ary tratra ilay olon-dratsy. Efa tafaverina any amin'ny tompony ilay finday. Omaly no natolotra ny fampanoavana ny raharaha.

T.H


Gazetiko
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
Tale jeneraly : Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 188 - 07 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Patsabe sy anandrano

Zavatra ilaina : patsabe, anandrano, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, menaka. Fikarakarana azy : Atao saosy miaraka amin'ny voatabia sy tongolo ny patsabe. Asiana tongolo gasy sy sakamalao voatoto. Diovina tsara ny anandrano dia tetehina somary lavalava. Arotsaka ao anaty fangaro. Tsy asiana rano fa ny sasany ihany. Avela hiketrika dia somary aroharoina. Tsy atao ritra be fa asiana saosy kely. Esorina rehefa hita fa masaka. Azo atao laoka tsara. Mazotoa homana !

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Mitsitsy




## Hatsikana an-tsary

Fiteny




## Masoandro Miposaka

**Asan'ny Apostoly 9 : 15-16**

Fa hoy ny Tompo taminy: Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak'isiraely; fa hasehoko azy ny habetsahan'izay tsy maintsy hiaretany ho voninahitry ny anarako.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tsy mety raha miala maina toy ny mandevim-boka (na amboa).**

Il n'est pas convenable de s'en aller les mains vides comme lorsqu'on a enterré un lépreux (ou : un chien).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3002**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 6 | | 1 | | |
| 1 | | 4 | | 8 | | 7 | 6 | 5 |
| | | | 4 | | | 9 | | |
| 7 | | | | | | | 8 | 1 |
| | 5 | | 3 | | 2 | | | |
| | | | | | | 6 | | |
| | 2 | 8 | | 5 | 7 | | | |
| 4 | | | | | 6 | 8 | 9 | |
| | | | | | | | | |

Valin'ny laharana **3001**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 1 | 6 | 2 | 8 | 9 | 7 | 4 | 3 |
| 7 | 9 | 8 | 4 | 5 | 3 | 6 | 1 | 2 |
| 2 | 3 | 4 | 1 | 7 | 6 | 8 | 9 | 5 |
| 3 | 8 | 5 | 9 | 6 | 1 | 4 | 2 | 7 |
| 1 | 4 | 7 | 3 | 2 | 5 | 9 | 6 | 8 |
| 6 | 2 | 9 | 8 | 4 | 7 | 5 | 3 | 1 |
| 4 | 7 | 3 | 5 | 9 | 2 | 1 | 8 | 6 |
| 9 | 6 | 2 | 7 | 1 | 8 | 3 | 5 | 4 |
| 8 | 5 | 1 | 6 | 3 | 4 | 2 | 7 | 9 |

Fetison Rakoto Andrianirina

# Miantso ny mpitondra sy ny mpanao pôlitika hisoroka ny korontana

*Mahatsapa ny RDS fa efa saro-pady ny toedraharaha ankehitriny ka mampitandrina ny mpitondra, tsy hanao fihetsika na hamoaka fiteny feno fihantsiana.*



**Ny Filohan'ny RDS, Fetison Rakoto Andrianirina. (Sary tahiry)**

Nivoaka tamin'ny fahanginany ny filohan'ny antoko Roso ho amin'ny Demôkrasia Sôsialy (RDS). Ao anatin' izao fotoana mapisavorovoro ny hevitra sy ny lalankizoran'ny firenena izao dia nanao fanambarana antso amin'ny firaisan-kina sy tsy hisian'ny fahalovan'ny firenena ny filohan'ny RDS, Fetison Rakoto Andrianirina. Iantefan'ny antsoavony ny mpitondra ; ny mpanao pôlitika ; ny olom-pirenena tsirairay ary ny mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikara any ivelany mba hitady ny fomba rehetra hisorohana ny korontana. Manana andraikitra manokana ny mpitondra, hoy ny fanazavana satria mampiasa ny fahefam-panjakana izay nampindramin'ny Malagasy azy ireo. Tsikaritra, hoy ny fanambarana fa ny fihetsiky ny mpitondra sy ny fandaminana ny raharaham-pifidianana dia tsy mizotra mankany amin'ny fanentanana ny mpanao pôlitika hirotsaka ho hofidiana, sady tsy mamporisika ny olom-pirenena hifidy. Ankoatra izay, mahatsapa ny RDS fa efa saro-pady ny toedraharaha ankehitriny ka mampitandrina ny mpitondra, nampindramina fahefana ny antoko tsy hanao fihetsika na hamoaka fiteny feno fihantsiiana. Efa marefo ny fianam-bahoaka ankehitriny ka raha sanatria hisy korontana dia hizaka ny tsieran'ny aina ny Makagasy, hoy ihany ny RDS. Mandalo ihany koa ny fahefana fa ny tantara mitoetra ary ny taranaka hitohy, hoy ihany ny fanambarana. Ny antso nataon'ny RDS ho an'ny mpikatroka pôlitika sy ny vahoaka Malagasy kosa dia mba samy handanjalanja izay rehetra atao, hisorohana ny korontana izay mbola handentika ny vahoaka Malagasy indray.

**V.R.**

Hazakazaka ho eny lavoloha

# "Natao ho an'ny mpanambola", hoy Rtoa Annick Ratsiraka



**Rtoa Annick Ratsiraka, Sekretera Nasionalin'ny AREMA.**

Nivoaka tamin'ny fahanginany manoloana ny fampakarana ny anto-bola aloan' ny kandida mieritreritra ny hirotsaka amin'ny fifidianana filoham-pirenena ho 200 tapitrisa ar Rtoa Annick Ratsiraka, Sekretera Nasionalin'ny AREMA, omaly. Notsipihany tamin' izany fa matoa natao midangana tahaka izao ny sarampandraisana anjara mandritra io hazakazaka ho eny lavoloha io dia natao ho an'ny mpanambola izany. Ho an'ny antoko tarihany, araka ny fanazavana nentin'io zanaka vavin'ny Amiraly Didier Ratsiraka io hatrany dia tsy mihemotra izy ireo na mihoapapana aza ny antoka tsy maintsy aloha ka handrotsaka kandida hatrany. "*Tanjona apetraka amin'izao ny fanatanterahana ny hafatra nomen'ny Filoha Ratsiraka tamin'ny fifidianana 2002 momba ny hoe masina sy miavaka amin'ny firenena rehetra ity Nosy ity , koa andeha ary isika hiaraka hifarimbona amin'ny fampandroasoana azy tsy misy tomika sy mba hahatonga azy ho reharehantsika , ka ho irian'ny hafa fa tsy haniry ny hafa intsony*", hoy Rtoa Annick Ratsiraka tamin'izany. Mikasika izay fiatrehana ny fifidinana izay hatrany, mitohy ny fitetezam-paritra ho fameloma-maso ny antoko any ifotony anaton'ny AREMA. Hatreto dia efa tafakatra 90 ny isan'ny distrika notetezin'izy ireo ary vao nifarana ny 18 jolay lasa teo ny tany Ambatolampy.

**Mamy R.**

Fizakan'ny Filoha zo frantsay

# Hidina an-dalambe hanehoany ny hatezerany ny RMDM

Nampiaka-peo! Mitady ny fomba rehetra hanilihana ny Filoha Andry Rajoelina tsy ho isan'ny kandida amin'ny fifidianana izay ho filohampirenena manaraka ry zareo eo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Omaly, nanambara ireo mpikamban'izany raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Bel'Air fa tsy Malagasy ny Filoha Andry Rajoelina noho ny fizakany zom-pirenena Frantsay ka tsy mendrika ny hitondra an'i Madagasikara intsony. Dia nilaza ny Pasteur Edouard Tsarahame, mpitondra tenin'io vovonan'ny mpanohitra tarihan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana io tamin'izany fa tsy azo ekena raha mbola Frantsay no mitantana ny firenena ka hidina eny amin'ny Araben' ny fahaleovantena haneho ny hatezerany sy hanakana ny filatsahan'ny Filoha Andry Rajoelina ho fidiana fanindroany izy ireo.

**Matahotra**

Tsy nifanalavitra tamin'izany ny fanehoan-kevitra nentin' ny filoha lefitry ny RMDM farintany Fianarantsoa, Tabera Randriamanantsoa saingy nampiany fotsiny hoe mila samborina sy gadraina mihitsy ny Filoha Andry Rajoelina satria namitaka ny vahoaka malagasy sy nivadika tamin'ny tanindrazana. Manoloana ireo fanehoan-kevitra ireo, dia tsy vitsy ny mpanara-baovao tafintohina, indrindra ireo mpomba ny fitondrana ka nilaza fa tsy misy afa-tsy fatahorana mafy ny Filoha Andry Rajoelina amin'ny fifidianana manaraka ny hetsiky ny RMDM amin'izao fotoana. Ny hafa indray milaza fa tetika hanakorontanana ny firenena indrindra amin'izao volana vitsivitsy mialoha ny fifidianana izao ny tian'ny fianakaviamben' ny mpanohitra atao noho ny mpikamban'izany ho mpikaraman'ady politika fotsiny.

**Mamy R.**




## Marina izany !

### Efa nampoizina !

**Andro fahaefatry ny fanadinana bakalôrea ny anio. Toy ny ankamaroan'ny fanadinam-panjakana, notanterahina tato anatin'ny taona vitsivitsy izao dia saika nandrenesana trangan-javatra hafahafa hatrany. Na mivoaka mialoha ny laza adina, na misy mitondra fitaovana tsy azo ampiasaina any anaty efitrano anatanterahana ny fanadinana…Amin'ity bakalôrea 2023 ity dia tsy dia fahita tao anatin'ny taona maro loatra no mitranga satria ny sasantsasany amin'ireo mpiambina ny mpianatra indray no nanao fanadinana fa ny mpiadina natorony nandika fotsiny. Tranga efa nampoizina ihany, taorian'ny antso nataon'ny minisitera mpiahy ny hamalian'izay vonona hiambina ny bakalôrea, andro vitsivitsy monja fotsiny mialohan'ny datim-panadinana. Ny antony moa dia noho ny tsy famaliana ny fitakian'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra izay mitohy amin'ny fanaovana oniversite maty, mandritra ny telo andro. Manoloana izany, ny mpiasa eny amin'ny oniversite no nalaina niambina ny mpanao fanadinana. Ka dia ho gaga ve isika raha misy ny olana satria olona tsy voavolavola ho amin'izany no nomena andraikitra tsy mifanandrify amin'ny asany. Indrindra tsy nisy na ny fanofanana na ny fiomanana fa dia natao vonjy tavanandro. Santionan'ny fandikandalàna sy ny tsy fanajakana ny etika sy ny deontôlôjia misy eto amintsika io tranga io. Na izany aza olana tsy tokony hohamaivanina satria fanabeazana ny taranaka faramandimby izay ho avin'ny firenena no resahina. Milaza miara-mahita ny rehetra fa maizina ny hoavin'ny tanora Malagasy tsy manana herijika hanohy fianarana any ivelany, noho ny tsy fanaovan'ny mpitondra laharam-pahamehana ny sehatry ny fanabeazana !**

**Voahangy Rakotozafy**

Minisitry ny Fitsarana

# "Tsy nisy tsindry ny namoahana ny DGPI ny CNaPS"

Niteraka resabe teto amin'ny firenena ny raharaha nitazonana am-ponja vonjimaika ny Tale Jeneralin'ny CNaPS mpisolo toerana. Tsy nisy tsy nitsangana na ny sendikan'ny mpiasa na ireo fikambanana avy amin'ny faritra niavian-dRtoa Tsaboto Joslina nitaky ny hamoahana azy. Nahazo fahafahana vonjimaika moa izy taorian'izay. Mikasika io indrindra, dia nitondra fanazava Rtoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana minisitry ny Fitsarana. Nambarany fa tsy nisy tsindry ny nahazoan'ity DGPI ny CNaPS ity fahafahana vonjimaika, fa vokatry ny taratasy fangatahana ara-dàlàna nataon'ny mpisolovava azy. «*Tsy voatery hisy tsindry ny famoahana ny olona tahaka izao fa fanapahan-kevitra mahaleo tena avy amin'ny mpitsara izay mandray an-tanana ny antontan-taratasin'ady eo am-pelatanany* », hoy Rtoa minisitra. Namafisiny fa misy mpitsara telo mandinika ny raharaha tahaka ity ka ny hevitry ny maro an'isa no ampiharina amin'izany. Raha tsiahivina, ny 23 jona 2023 Rtoa Tsaboto Joslina no nampidirina am-ponja vonjimaika noho ny raharaha voalaza fa kolikoly avo lenta nataony. Nahazo fahafahana vonjimaika kosa izy ny 5 jolay 2023 lasa teo. Nandritra ny fanaovantsonia fiaraha-miasa amin'ny OIF momba ny fanomezana soram-piankohonana ho an'ny ankizy moa no nanazavan-dRtoa minisitra ity raharaha ity.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Bakalorea - Nisavoritaka ny andro fahatelo

# Nisy laza adina nivoaka mialoha, averina amin'ny zoma ny "Tantara sy Jeografia"

*Naato ora maro ny fanadinana manerana ny nosy, notombanana ho tamin'ny 8 ora alina vao vita ny fanadinana omaly.*



**Tahaka izao no niatrehan'ireo mpiadina ny fanadinana alina. (Sary nindramina)**

Voatery naato avokoa ny fanadinam-panjakana bakalorea manerana ny Nosy omaly tolakandro. Anton' izany, nivoaka mialohan'ny fotoana ny laza adina tantara sy jeografia ho an'ny sokajy A, C ary D. Nandray fanapahakevitra hentitra avy hatrany ny Talen'ny fampianarana ambaratonga ambony ka nanajanona ny fanadinana mandrapahatonga ny laza adina vaovao. Ny tena loza, tao amin'ny tambazotran-tserasera no voalaza niparitahan'izany laza adina tokony nanadinana izany. Anisan'ny mampikoronan-tsaina ireo mpianatra ny trangan-javatra toy izao. Raha tokony tamin'ny 1 ora sasany no nanomboka ny fanadinana saingy tamin'ny 3 ora mahery mbola tsy nanomboka foana ny fanadinana ho an'ny foibem-panadinana sasany satria tsy mbola tonga ny laza adina vaovao. Raha ny tokony ho izy, maharitra ora efatra ny laza adina tantara sy jeografia ka raha manomboka amin'ny 4 ora any amin'ny 8 ora alina vao ho vita. Ny sokajy S ihany no maharitra ora roa sy sasany ny laza adina tantara sy jeografia.

### Nihorakoraka

Vokany, tsy niandry ela ny fihetsik'ireo mpianatra satria tao ny nihorakoraka, teo ihany koa ireo voatery navoaka ny efitra fiadinana. Ity laza adina faharoa ity anefa tsy maintsy mbola adika amin'ny solaitrabe ary antenaina mba nandeha daholo ny herinaratra fa tsy haharaka ny labozia raha efitrano fianarana marobe no ndeha ho hazavaina. Raha tsiahivina ny tantara, tamin' ny taona 2019, efa nisy ny laza adina maromaro nivoaka mialoha toy izao teto amintsika ka nisy ny fanapaha-kevitra noraisina amin'ny hanaovana 2e session. Fahoriana no niainan'ireo mpiadina satria labozia no nanazava rehefa tsy misy herinaratra ao amin'ilay sekoly toy ny nitranga teny Ambohimangakely.

### Averina amin'ny zoma

Tao anatin'ny ora farany no nilatsaka ny vaovao avy amin'ny minisitera omaly, fa averina amin'ny zoma 21 jolay 2023 ny taranja Tantara sy jeografia. "Mba ampitovy ny zon'ny mpiadina bakalorea rehetra, averina amin'ny zoma 21 jolay 2023 manomboka amin'ny 7ora sy sasany maraina ny taranja tantara sy jeografia ho an'ny sokajy A1 sy A2, C ary D." Voamarina hoy ny minisitry ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa fa tena nisy ny fivoahan'ny laza adina mialohan'ny fotoana. Nikorontana tanteraka ireo mpiadina satria nisy ireo tsy naharay vaovao noho ny halaviran-toerana na ihany koa noho ny tsy fisian'ny "réseau" ka tsy afaka nanova ny laza adina. Teny Nanisana, tamin'ny 9 ora alina vao vita ny fanadinana, tsy vitsy ihany koa ireo mpiadina niatrika izany tao anatin'ny haizina. Nisy asa fanakorontanana natao ary efa mandeha ny fanadihadiana sy fisamborana amin'izany fandikan-dalana nitranga izany.

**Nath**

Delestazy lavareny

# Mitaky ny fametraham-pialan'ireo tomponandraikitra ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa

Tsy misy tsy mikaikaika amin'ny fanapahan-jiro mihodina ataon'ny JIRAMA ny mponin'Antananarivo. *"Nisy ny fampanantenana hamahana ny olan'ny delestazy ao anatin'ny telo herinandro. Aminay dia kobaka am-bava efa ela loatra izany. Talohan'ny fankalazana ny fetim-pirenena farany teo no efa nanambarana hanafoanana ny fahatapahan-jiro, kanefa vao mainka nihamafy. Tsotra ihany ny anay, tsara angamba raha mametra-pialana ireo tomponandraikitra rehefa tsy mahavaha olana, indrindra fa ireo tsy mijery ny mpanjifa malagasy."*, hoy Razafindralambo Vola Lalaina, filohan'ny MCI (Mouvement des Citoyens contre l'Infalation), na fikambanana mpiaro ny zon'ny mpanjifa. Natsikafon' ity mpiaro ny zon'ny mpanjifa ity ny tsy fahaiza-mitantanana eo anivon'ny JIRAMA, ka mahatonga ny orinasa ho maty antoka. Noraisiny ohatra ny fanodikodinam-bola nataon'ny tale jeneraly roa nifanesy teo aloha, ny fanomezana tambin-karama mihoam-pampàna ho an'ireo tale marobe, ny tsy fahampian'ny mangaraharaha amin'ny fampiasana ireo fanampiana marobe azon'ity orinasa ity, sns. Eo koa ny filazany fa tsy misy finiavana ny fitakiana ireo trosa amin'ny miliara Ariary any amin'ireo andrim-panjakana maro samihafa, izay mifanohitra amin'ny fitondrana ireo mpanjifa tsotra ananany trosa. Ny vaha olana natolony dia ny fananganana "Task force", na rafitra mpanara-maso, izay ahitana ny solontenan'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa, sy ny fampiasana ny menaka mavesatra avy ao Tsimiroro, ary ny fanavaozana ny fifanarahana miaraka amin'ireo mpiara-miombona antoka amin'ny Jirama.

**R. Muray**

Ankatso

# Nizara roa ny mpampianatra, nisy ihany ireo niasa

Nizara roa ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny Ankatso omaly satria dia nisy ihany ireo niasa nanohy ny fampianarana na dia naneho ny firaisankinany aza ireo mpampianatra eo anivon'ny Seces sampana Antananarivo ka nanantanteraka ny Oniversite maty. Nangingina ny teny Ankatso ary nisy koa ireo mpianatra izay miatrika ny fanadinana izay efa nanomboka ny alatsinainy teo dia ireo mpianatra ao amin'ny sampam-pampianarana frantsay sy lalàna. *"Mizotra tsara ny fanadinanay izay mpianatra lalàna ety Ankatso izao ary misy mpiambina izahay ao anatin'ny efitranom-panadinana"*, hoy ny solontenan'ny mpianatra manao fanadinana. Isan'ireo mpianatra niatrika ny fampianarana ihany koa ireo mnao Malagasy sy "athropologie" sy ireo sampam-pampianarana hafa. Raha ny fanazavana nomen'ny Pr Mamy Ravelomanana izay filohan' ny Oniversiten'Antananarivo dia "efa mandeha ny fandoavana tambinkaraman'ny mpampianatra eny amin'ny Oniversite amin'ny ora fanampiny ary toy izany koa ny eny amin'ny ENS ary ny fandaminana ataon'ny agent comptable no tsy fantatro".

### Nanapa-kevitra

Etsy ankilany dia nanamafy ny tomponandraikitra eny anivon'ny Minisitera mpiahy sy ny Oniversite fa tsy misy fihantraikany amin'ny Bakalorea sy ny taom-pianarana eny amin'ny Oniversite ny fitakian'ny Seces sampana Antananarivo. Fantatra fa tsy misy ny fanesorana 10 isanjato amin'ny tambin-karama fa izay mari-bola voasoratra ao ihany no raisin'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra. Etsy ankilany dia taorian'ny fivoriambe nataon'ny Seces sampana Antananarivo dia nanapa-kevitra ity sendikà ity fa mirodo amin'ny fitokona tsy voafetra ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ary mitohy ny Oniversite maty.

**Heriniaina A.**

Antalaha

# Mpiadina bakalorea 19 tratra nanao hosoka

Mitombo isan'andro ny isan'ireo mpiadina tratra nanao hosoka nandritra ny fanadinam-panjakana Bakalorea. Nandritra ny taranja Malagasy, voalaza fa mpiadina 19 mianadahy avy ao Antalaha no tratra naka tahaka tamin'ny finday. Foibem-panadinana tokana ihany, izany hoe tao amin'ny Lycée Horace François no misy ao Antalaha ka tao no nahatratrarana azy ireo. Araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana, mbola navela nanohy ny fanadinana izy ireo fa mitohy kosa anefa ny fanadihadiana. Mirongatra izay tsy izy ny hala-tahaka, hosoka, ary ny fanaparitahana mialoha ny laza adina izay amidy manerana ny tambajotran-tserasera. Tsy mifidy taranja fa na laza adina filozofia, na fizika simia eny hatramin'ny malagasy aza hita hanaovana hosoka. Manjaka loatra eto anivon'ny fiarahamonina malagasy ny kolontsain'ny firefarefana, na "culture de médiocrité". Tsy mahita afa-tsy izay eo ambany maso ary tsy mitsinjo lavitra fa ny anio ihany no eritreretina. Misy foana isan-taona ny hosoka fa tamin'ity taona ity, tena be loatra ny zavatra tsy manjary tamin'ny fanatanterahina ny bakalorea. Mpiadina zazavavy iray vao 24 taona monja no tratra nijery hafatra miafina tao amin'ny finday nandritra ny taranja anglisy. Tao amin'ny CEG Antanifotsy, distrikan'i Sambava, no nisehoan'izany. Tany avaratra tany ihany, tovolahy iray niadina bakalorea tao amin'ny CEG Pk 13 Antsiranana ihany koa no vaky nandositra rehefa tratran'ny mpiadina nampiasa taratasy feno valim-panadinana. Tany amin'ny faritra Sofia, betsaka koa ireo mpiadina tratra nanao hosoka ary mpiadina iray nandefa solontena hafa no tra-tehaka. Santionany ihany ireo entina milaza be loatra ny tandrevaka.

**Nath**

Fitrandrahana fasimainty ao Toliara

# Manameloka ny fanoherana bontolo ireo Mpitakazomanga sy Olobe



**Ireo Mpitakazomanga sy Olobe nanao fanambarana tao Toliara, omaly.**

Mifandimby maneho hevitra ireo mpomba sy mpanohitra ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao Toliara. Omaly, nanao fanambarana ireo Mpitakazomanga sy Olobe avy amin'ny kaominina dimy voakasik'ity tetikasa ity fa manameloka marin-drano ny fanoherana bontolo ny asa fitrandrahana ataon'i Base Toliara. Nanao antso avo amin'ny fanjakana izy ireo ny mba hanomezan-dalana ity kaompania ity hanohy ny asany. *"Tsy tokony ireo vitsy an'isa sy tsy tia fampandrosoana no hanasaziana ny maro an'isa liampivoarana. Mino izahay fa ny fitohizan'ity tetikasa ity no hiteraka famoronana asa maro, hanatsarana ny fidirambolan'ireo kaominina voakasika, hanohy ny famitana ny fanamboarana ireo fasana 55 sisa tavela, hanohy ny fanonerana ny volan'ireo tompon-tany voakasiky ny tetikasa, hanatanteraka ireo tetikasa sôsialy maro samihafa mifanaraka amin'ny filàn'ny vahoaka toy ny siniben-drano, ny sekoly, ny hopitaly, sns."*, hoy ny ampahan'ny fanambarana nataon'ireto Mpitakazomanga sy Olobe ireto. Tsy adinon'ireto farany ny nanome lanja ny harena ananan'i Toliara, dia ireo tanora manam-pahaizana amampahalalana, ny velaran-tany malalaka afaka hiompiana sy ambolena, ny toeram-pizahatany toy ny torapasika sy ny valan-java-boahary, ny hazan-dranomasina, ary otrikarena maro samihafa. Lasa toeram-pandevenana tetikasa ny ao Toliara, ka maro ireo tanora tsy an'asa ary mihamahantra ny vahoaka.

**R. Muray**